A Ny fahitana momba ny seza fiandrianana. Apokalypsy 4:1-3, 5, 9-11

- ❖ Ny avana manodidina ny seza fiandrianana dia fampahatsiarovana ny teny fikasan'Andriamanitra sy ny fiarovany (Genesisy 9:9-17). Afaka manatona ny seza fiandrian'ny fahasoavana am-pahatokiana isika (Hebreo 4:16).
- ❖ Mandray fiderana telo sosona ny Ray ary fantatra sy ekena ny heriny nampisy sy nahary (and. 11).
- ❖ Eo amin'ity fahitana ity, dia ankalazaina ny Ray noho ny heriny mifehy izao rehetra izao izay noforoniny.

D Ireo loholona 24. Apokalypsy 4:4

- ❖ Tsy hoe loholoha izy ireo noho ny taonany, fa kosa noho ny toerana misy azy ireo. Maneho vondron'olona iray izy ireo. Akanjo fotsy: Fahamarinana. Satro-boninahitra volamena: Fiandrianana na fandresena.
  - — Mety ho ireo voaloham-bokatra izay niara-nitsangana tamin'ny maty tamin'i Jesosy ireo ary monina any an-danitra, solontenan'ny taranak'olombelona (Matio 27:52-53)
  - — Mety maneho ny olon'Andriamanitra tamin'ny fanekena taloha sy vaovao ireo: patriarka 12 sy apostoly 12 (Matio 19:28)
  - — Mety ho solontena avy amin'ireo tontolo nohariana nefa tsy mba nanota izy ireo, manatanteraka ny asan'ny mpisorona 24 eo anatrehan'Andriamanitra (Apokalypsy 5:8)

E Ireo zava-manan'aina 4. Apokalypsy 4:6-8

- ❖ Ny endrik'ireo zava-manan'aina ireo sy ny maha-4 azy dia mampifandray azy ireo amin'ny Tany.
  - — Liona: Biby dia.
  - — Zanak'omby: Biby fiompy.
  - — Olona: Taranak'olombelona
  - — Voromahery: Biby manidina.
- ❖ Tsy olombelona ireo, fa antsoina hoe: “kerobima” (Ezekiela 10:2)
- ❖ Maneho ireo anjely izay manao asa fanompoana ho an'ny taranak'olombelona ireo (Matio 18:10)

F Ilay boky voatombo-kase. Apokalypsy 5:1-4

- ❖ Hahita ny ho avy i Jaona: “izay zavatra tsy maintsy ho avy rahatrizay.” (4:1). Io fahalalana io dia voatombo-kase (voasarona, voafina) ho an'ny rehetra afa-tsy Ilay izay mendrika ny hanokatra azy ihany.
- ❖ Jesosy irery ihany no afaka manokatra io boky io, satria Izy no Liona (nandresy Izy) sady Zanak'ondry (maty hamonjy antsika Izy).
- ❖ Misy ifandraisany amin'ny tantaran'ny fanavotana antsika ny ao anatin'ilay boky.

G Miendrika ny Zanak-ondry. Apokalypsy 5:5-14

- ❖ Mendrika ny Zanak'ondry (Jesosy) satria Izy no natao fanatitra. Ary noho io fanatitra io, dia nomena Azy ny hery sy ny fahefana rehetra (Matio 28:18; Efesiana 1:20-22).
- ❖ Ny antoko-pihiran'ny lanitra dia mihira fiderana fito sosona, manambara fa Jesosy no mendrika.
- ❖ Teo amin'ny hazo fijaliana Jesosy dia nandresy ary namerina indray izay verin'i Adama tao Edena. Manolotra antsika eo anatrehan'ny Ray Izy sady manelanelana ho antsika (Hebreo 7:25).